REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana

**DIDIM-PANJAKANA LAHARANA FAHA 2025 - 1602**
**mamaritra ny fomba fampiharana ny Lalàna laharana faha 2014-025 tamin'ny 10 desambra 2014 mikasika ny Sonia elektronika**
**----------------------**

***NY PRAIMINISITRA, LEHIBEN'NY GOVERNEMANTA***

Araka ny Lalàm-panorenana ;

Araka ny Lalàna laharana faha 66-003 tamin'ny 02 jolay 1966 mikasika ny Teoria ankapobeny momba ny adidy, novaina sy nofenoin'ny Lalàna laharana faha 2015-036 tamin'ny 03 febroary 2016, indrindra fa ny fampidirana ny momba ny Sonia elektronika ao amin'ny andininy 272.1 ;

Araka ny Lalàna laharana faha 2014-006 tamin'ny 17 jolay 2014 novaina sy nofenoin'ny Lalàna laharana faha 2016-031 tamin'ny 23 aogositra 2016 mikasika ny ady amin'ny heloka an'habaka ;

Araka ny Lalàna laharana faha 2014-024 tamin'ny 10 desambra 2014 momba ny fifanakalozana ara-elektronika ;

Araka ny Lalàna laharana faha 2014-025 tamin'ny 10 desambra 2014 momba ny Sonia elektronika;

Araka ny Lalàna laharana faha 2014-026 tamin'ny 10 desambra 2014 mamaritra ny fepetra ankapobeny momba ny fampiasana ny Haitao ara-kajy mirindra eo amin'ny paipaika mikasika ny raharaham-panjakana ;

Araka ny Lalàna laharana 2014-038 tamin'ny 09 janoary 2015 mikasika ny fiarovana ny antontan-kevitra mahakasika ny lafiny manokana ;

Araka ny Lalàna laharana faha 2018-027 tamin'ny 08 febroary 2019 mikasika ny Fiankohonana ;

Araka ny Lalàna laharana faha 2025-019 tamin'ny 27 aogositra 2025 mikasika ny fanondroana ny isam-batan' olona ;

Araka ny Didim-panjakana laharana faha 2022-866 tamin'ny 08 jona 2022 izay manangana ny Sampam-pitantanana momba ny Haitao ara-kajy mirindra (UGD) sy mamaritra ny satany ;

Araka ny Didim-panjakana laharana faha 2023-515 tamin'ny 09 may 2023 mikasika ny laharana manokana ho fanondroana ny isam-batan'olona ;

Araka ny Didim-panjakana laharana faha 2023-1541 tamin'ny 06 desambra 2023 novaina sy nofenoin'ny didim-panjakana laharana faha 2025-696 tamin'ny 18 jona 2025 mamaritra ny anjara asa, ny fandaminana anatiny sy ny fampihodinana ny kaomisiona malagasy momba ny informatika sy ny fahafahana ;

Araka ny Didim-panjakana laharana faha-2024-107 tamin'ny 31 janoary 2024, manondro ny anjara raharahan'ny Minisitry ny fampiroboroboana ny Haitao ara-kajy mirindra , ny Paositra ary ny Fifandraisan-davitra, ary ny ary koa ny fandaminana ankapobe ny Minisiterany ;

Araka ny Didim-panjakana laharana faha-2025-1101 tamin'ny 20 oktobra 2025 manendry ny Praiminisitra, Lehiben'ny Governemanta ;

Araka ny Didim-panjakana laharana faha 2025-114 tamin'ny 28 oktobra 2025 manendry ireo mpikambana ao amin'ny Governemanta ;

Araka ny Fanapahana laharana faha 10-HCC/D3 tamin'ny 10 oktobra 2025 manome ny fahefana ara-miaramila mahefa ny fisahanana ny asan'ny Filoham-panjakana, izay tarihin'ny Kolonely RANDRIANIRINA Michael ;

Araka ny tolo-kevitra avy amin' ny Minisitry ny Fampiroboroboana ny Haitao ara-kajy mirindra, ny Paositra ary ny Fifandraisan-davitra ;

Eo amin'ny Filan-kevitry ny Governemanta ;

**DIA MAMOAKA IZAO DIDIM-PANJAKANA IZAO :**

## LOHATENY VOALOHANY – FEPETRA ANKAPOBENY

### TOKO VOALOHANY: NY FOTOTRA IORENAN'NY FAHATOKISANA NOMERIKA

**Andininy voalohany: Antony**

Ity didim-panjakana ity dia raisina ho fampiharana ny Lalàna laharana faha 2014-025 tamin'ny 10 desambra 2014 momba ny Sonia elektronika, mametraka ireo fomba ara-teknika, ara-dalàna sy ara-drafitra mifehy ny fametrahana ny Sonia elektronika.

Izy io dia mametraka toerana nomerika ho fitokisana "ENC" izay natao iantohana ny fiarovana, ny fahazoana antoka sy fankatoavana ny maha ara-dalàna ny serivisim-pahatokisana, indrindra ireo izay mikasika ny fanomezam-panamarinana ny Sonia elektronika sy fitomboka elektronika.

Izy dia manendry ny Antokon-draharaha misahana ny fitantanana ny Haitao ara-kajy mirindra "UGD" ho Manam-pahefana nasionaly ho an'ny Fitokisana Nomerika "ANCN" izay miantoka ny fandrindrana, ny fanomezam-pahefana, ny fanaraha-maso sy ny fitantanana ny fakan'ny fitokisana nasionaly, miantoka ihany koa asan'ny mpisahan-draharaha ho an'ny raharaham-panjakana ho an'ny filan'ny Fanjakana.

**Andininy 2: Famaritany**

Ireto teny manaraka ireto dia raisina arak' ireto famaritana manaraka ireto:

**Fanomezam-pahefana:** taratasy fanamarinana izay avoakan'ny fahefana mpanara-maso sy mpanao fanombanana ny fanarahana ny fenitra izay mandrafitra ny fankatoavana ara-dalàna ny fahaiza-manao ho fanatanterahana ny lahasa miavaka ;

**Fahazoan-dalana:** fanomezan-dalana an-taratasy atolotra ny mpisahan-draharaha ho an'ny fitokisana ahafahany miasa eo amin'ny sehatra nasionaly eo aminny fanatanterahana ny fisahanan-draharaha momba ny fanomezam-panamarinana Sonia na fitomboka elektronika ;

**Fanamarinana:** zotram-panatanterahana ahafahan'izay mamaky ny antonta-taratasy mamantatra ny olona na sampan-draharaha nametraka ny soniany ;

**Manam-pahefana nasionaly ho an'ny fitokisana nomerika:** manamahefa nasionaly misahana ny fandrindrana, ny fanaraha-maso sy ny fanomezam-pahefana ho an'ny serivisim-pitokisana ;

**Biometria:** fitambaran'ny teknika ara-informatika ho amin'ny fanondrona sy fanamarinana ahafahana mamantatra olona iray miainga avy amin'ny ireo toetoetra fisika, biolojika na ara-pitondra-tena, miainga avy amin'ny fifotorana amin'ny fikirakirana ara-informatika ireo angon-drakitra voaangona ;

**Fitomboka elektronika:** mifandraika amin'ny fitomboka fisika, ny fitomboka elektronika dia midika Sonia elektronika mifandray amin'ny rafitra mizaka zo aman'andraikitra ary afaka ho ampiasain'ny olona maromaro ao anatin'izany antokon-draharaha izany, ao anatin'ny fifandraisany amin'ny olona hafa ;

**Taratasy fanamarinana fanaraha-penitra ho an'ny fitaovana fanomezam-panamarinana elektronika:** antonta-taratasy izay avoakan'ny sampan-draharaha mamoaka fanomezam-pahefana izay manamarina fa ny fitaovana namoronana ny Sonia elektronika dia manaja ny fenitra sy teknika iraisam-pirenena. Io taratasy fanamarinana io dia miantoka fa ny fitaovana dia voaaro, azo antoka ary afaka mamokatra Sonia elektronika mifanaraka amin'ny fenitra ara-dalàna, miantoka indrindra ny fahitsiana sy fahamarinan'ny antonta-taratasy nosoniavina ;

**Taratasy fanamarinana ny Sonia elektronika:** taratasy fanamarinana elektronika izay mampifandray ny angon-drakitra ho amin'ny fanekena Sonia elektronika ho an'ny olona iray ary manamafy farafahakeliny ny anarana na ny fiantso io olona io ;

**Taratasy fanamarinana elektronika:** antonta-taratasy nomerika navoaka ho an'ny tompon'ny Sonia, izay manamarina ny fahamarinan'ny Sonia elektronika na fitomboka elektronika, ary mampifandray ny Sonia amin'ny fanondroana iray amin'ny alalan'ny fitaovana famoronana sonia ;

**Lisitry ny taratasy fanamarinana nolavina:** lisitra elektronika, vita fanavaozana ara-dalàna avy amin'ny fahefana miantoka ny fanomezam-panamarinana, izay manisa sy mirakitra ny taratasy fanamarinana nomerika izay navoakany ary nolavina alohan'ny fetr'andro mampana-kery azy, ary tsy tokony ho raisina ho manan-kery intsony ;

**Tsiambaratelo:** fomba fiarovana ahafahana miantoka ny tsiambaratelon'ny angon-kevitra sy enti-manana notehirizina ao amin'ny tambajotra sy rafi-pifandraisana elektronika, rafi-pifandraisana sy/na fitaovan-tserasera ahafahana miomana amin'ny famoahana tsy nahazoana alalana ny angon-kevitra ho an'ny olona hafa, amin'ny alalan'ny famakiana, fihainoana, ny dika mitovy tsy ara-dalàna niniana natao na tsy nahy mandritra ny fitehirizana, ny fikirakirana na fampitana ;

**Fitaovana fanomezam-panamarinana:** fitambaran'ny fitaovana materialy, rindram-baiko na teknolojika izay ampiasain'ny mpisahan-draharaha ho an'ny fitokisana mba ahafahana mamoaka sy mitantana taratasy fanamarinana elektronika ary ihany koa hiantohana ny fiarovana ny fitaovana famoronana Sonia elektronika ;

**Fitaovana famoronana Sonia elektronika na fitomboka elektronika:** ny fitaovana rehetra sy/na rindram-baiko izay misy ireo singa mampiavaka ny tompon'ny Sonia, izay natao ho fampiharana ny angon-drakitra amin'ny famoronana ny Sonia elektronika sy ilaina amin'ny famoronana ny fangatahana ;

**Angon-drakitra biometrika:** toetoetra fisika sy biolojika mampiavaka ahafahana manondro olona iray, singa mavesa-danja ho an'ny fanondroana nomerika olona iray ;

**Fahazoana antoka:** endriky ny toetra mahitsy amin'ny famantarana ny mpanao Sonia sy ny fiandaniana amin"ny taratasy izay ataon'ny tompon"ny Sonia elektronika ;

**Famantarana elektronika:** zotram-panatanterahana izay mitondra amin'ny fampiasana ny angon-drakitra amin'ny famantarana ny tsirairay amin'ny endrika elektronika ka mampiseho amin'ny fomba tokana ny olona iray na rafitra mizaka zo aman'andraikitra na koa olona iray misolo tena rafitra mizaka zo aman'andraikitra ;

**Fahitsiana:** toetra miantoka fa ny antonta-taratasy dia tsy misy fanovana teo anelanelan'ny fotoana nanaovan'ny tompony Sonia sy ny fotoana hamakian'ny mpamaky izany ;

**Online Certificate Status Protocol na OCSP:** fenitra manara-dalàna ahafahan'ny rafitra ray manamarina amin'ny fotoana eo no eo ny mampanan-kery ny taratasy fanamarinana nomerika eo anivon'ny fahefana manao ny fanomezam-panamarinana izay navoakany, indrindra ahafahana mamaritra raha toa mbola mampanan-kery izy io na nolavina na efa lany andro ;

**Mpisahan-draharaha amin'ny fanomezam-panamarinana:** rafitra mizaka zo aman'andraikitra izay mamoaka taratasy fanamarinana elektronika na manolotra serivisy hafa mikasika ny Sonia elektronika ;

**Mpisahan-draharaha azo itokisana:** rafitra mizaka zo aman'andraikitra manolotra serivisy natao hanatanterahana asa, izay mandray anjara amin'ny fiarovana ireo tahirin-kevitra ifanakalozana amin'ny alalan'ny elektronika ;

**Fanesorana**: fombafomba izay ataon'ny tompon'ny Sonia elektronika izay mikendry ny fanesorana ny fahamarinan'ny angon-drakitra izay mahakasika azy ka misoratra eo amin'ny taratasy fanamarinana manamarina ny Sonia elektronika ;

S**erivisy momba ny fanomezam-panamarinana ny Sonia elektronika fitokisana:**

Ny serivisy rehetra izay atolotry ny mpisahan-draharaha izay mikendry ny :

- Mamorona sy mitantana ireo taratasy fanamarinana elektronika mikasika ny Sonia elektronika ;
- Manamarina ny Sonia elektronika sy miantoka ny fanamarinam-penitr'izany ;
- Manolotra serivisy manaraka ora elektronika miantoka ny fahitsiana sy datin'andro marina ho an'ny Sonia ;
- Mitahiry ny Sonia elektronika sy ny taratasy fanamarinana mifandraika aminy, araka ny voalazan'ny didy aman-dalàna manan-kery ;

**Mpanao Sonia:** ny olona rehetra izay afaka manao Sonia ka manana fitaovana famoronana Sonia ary manao izany ho an'ny tenany manokana na ho an'ny antokon-draharaha na ho an'ny isam-batan'olona na rafitra mizaka zo aman' andraikitra izay soloiny tena ;

**Sonia elektronika:** angon-drakitra amin'ny endrika elektronika, izay ampiarahina sy mifandray ara-lojika amin'ny angon-drakitra elektronika hafa, izay ampiasaina ho fomba fanamarinana ny fanondroana ny mpanao Sonia ;

**Rafitra biometrika:** rafitra ahafahana manao ny fampidirana ireo angon-drakitra biometrika an' olona iray ao amin'ny toerana fitehirizana angon-drakitra mba ahafahana manao fankatoavana sy famantarana ;

**Fanamarinana:** zotram-panatanterahana ho fanamarinana sy fanamafisana ny mampanan-kery ny Sonia elektronika sy ampifandraisina amin'ireo angon-drakitra mifandray amin'io Sonia io ka mba ahafahana mitsirika izay fanovana hafa natao tamin'ny angon-drakitra.

**Andininy 3: Sehatra fampiharana**

Ity didim-panjakana ity dia mihatra amin'ireo mpisehatra eo amin'ny tontolon'ny Sonia elektronnika eto Madagasikara, indrindra:

- Ireo mpisahan'asa amin'ny fitokisana, na izany avy amin'ny Fanjakana na avy amin'ny tsy miankina ;
- Ny mpampiasa, ny olon-tsotra na rafitra mizaka zo aman'andraikitra, izay mampiasa ny Sonia elektronika ao anatin'ny fifanakalozana nomerika ;

- Ny antokon-draharaham-panjakana sy andrim-panjakana mampiasa na manolotra serivisy taratasy fanamarinana na Sonia elektronika ;

**Andininy 4: Karazan'ny sonia elektronika**

Ny Sonia elektronika dia misy karazany telo (03), ny tsirairay amin'izy ireo dia voafaritra amin'ny alalan'ny ambaratongam-pandrosoan'ny teknolojia sy ny fahazoana antoka ilaina amin'ny fampiasana izany :

- Sonia tsotra
- Sonia mandroso
- Sonia miavaka

Ny fotoana mampanan-kery ireo taratasy fanamarinana izay mifandray amin'ireo karazan-tsonia dia voafaritry ny andininy faha 39 ao amin'ity didim-panjakana ity.

**Andininy 5 : Sonia elektronika tsotra**

Ny Sonia elektronika tsotra dia mifanaraka amin'ny ambaratonga izay be mpampiasa indrindra noho ny fahamoran'ny fidirana sy ny fahatsorana amin'izany.

Izy io dia manendry ny Sonia elektronika izay tsy mamaly ny fitakiana manokana ho an' ireo Sonia mandroso na miavaka izay voalazan'ny andininy faha-6 sy faha -7 amin'ity didim-panjakana ity.

Izy io dia ampiasaina amin'ireo fifanakalozana nomerika izay tsy mitaky fomba arahina matotra.

**Andininy 6: Sonia elektronika mandroso**

Ny Sonia elektronika mandroso dia mamaly ny fepetra manaraka ireto:

- Mifandray manokana amin'ny mpanao Sonia ;
- Ahafahana mamantatra ny mpanao Sonia ;
- Noforonina tamin'ny alalan'ny fitaovana izay ahafahan'ny mpanao Sonia mitahiry izany eo ambany fanaraha-masony irery ihany ;
- Mifandray amin'ireo angon-drakitra izay mifanaraka aminy ka mba ahafahana mitsirika ireo fanovana aoriana atao amin'ny angon-drakitra ;
- Mipetraka amin'ny taratasy fanamarinana elektronika na fomba fanao izay mitovy lenta izay ankatoavina amin'ny alalan'ny didy amam-pitsipika ;
- Ary mifandray amin'ny angon-drakitra mifanaraka amin'io Sonia io mba ahafahana mitsirika ny fanovana ao aoriana.

Izy io dia ampiasaina rehefa tsy maintsy arahina ireo fomba fanao manokana.

**Andininy 7: Sonia elektronika miavaka**

Ny Sonia elektronika miavaka dia foronina amin'ny alalan'ny fitaovana voaaro izay mipetraka amin'ny taratasy fanamarinana miavaka izay avoakan'ny mpisahan-draharaha nahazo fankatoavana. Izy io dia mifanaraka amin'ny ambaratonga ambony indrindra amin'ny Sonia elektronika.

Izy dia miantoka ny:

- Famantarana azo antoka ny mpanao Sonia, indrindra mikasika ny anjara asany na ny satany izay mifantoka amin"ny taratasy fanamarinana miavaka ho an' ny Sonia elektronika ;
- Fiarovana ny angon-drakitra ao anatin'ny antonta-taratasy voasonia, amin'ny alalan'ny fampiasana fitaovana famoronana Sonia elektronika miavaka ;

Io karazan-tsonia io dia misitraka fiheverana fahazoana antoka nohamafisina ary takiana amin'ireo taratasy izay manana fari-piantefana ara-dalàna na ara-didy amam-pitsipika avo.

**Andininy 8: Fitaovana miavaka amin'ny famoronana Sonia elektronika**

Ny fitaovana miavaka amin'ny famoronana Sonia elektronika dia fitambaran'ny fitaovana sy/na rindram-baiko voamarina mifanaraka amin'ny fenitra ara-teknika sy fiarovana ankatoavin'ny Fahefana Nasionaly ho an'ny Fitokisana Nomerika. Izy io dia voamarina amin'ny alalan'ny taratasy fanamarinana ny fanaraha-penitra avy amin'io Fahefana io.

Io fitaovana io dia tsy maintsy mamaly ireto fitakiana manaraka ireto:

- Miantoka amin'ny alalan'ny fitaovana ara-teknika sy ny fomba arahina sahaza fa ny angon-drakitra ho an'ny famoronana Sonia elektronika dia tsy azo tombanana ary koa ny Sonia elektronika dia voaaro amin'ny fomba azo antoka amin'ireo fanaovana hosoka amin'ny alalan'ireo fitaovana ara-teknika misy ;
- Miantoka amin'ny alalan'ny fitaovana ara-teknika  sy ny fomba arahina sahaza fa ny angon-drakitra ho an'ny famoronana Sonia elektronika dia tsy azo apetraka mihoatra ny in-dray mandeha ary koa ny tsiambaratelon'izy ireo dia voaantoka ary tsy ho voaaro tsara any amin'ny mpanao Sonia amin'ireo mety ho fampiasan'ny hafa ;
- Tsy miteraka fahasimbana na fanovana amin'ny vontoatin'ny antonta-taratasy elektronika ho soniavina sy tsy manao Sakana amin'ny fahafantaran'ny mpanao Sonia alohan'ny anaovany Sonia.

Ankoatr'izay, ny famoronana na fitantanana ny angon-drakitra amin'ny famoronana Sonia elektronika miavaka ho an'ny mpanao Sonia dia tsy azo ankinina amin'ny olona hafa afa-tsy ny mpisahan-draharaha ho an'ny fitokisana.

## TOKO FAHAROA: FOTO-KEVITRA FOTOTRA HO AN'NY SONIA ELEKTRONIKA

**Andininy 9: Fampitoviana lenta ny anjara asan'ny Sonia elektronika**

Ny Sonia elektronika dia misitraka lanjany araka ny lalàna mitovy amin'ny Sonia atao tanana, araka ny andininy faha-9 ao amin'ny fepetra voalaza ao amin'ny Fehezan-dalàna mifehy ny ady madio Malagasy. Izy io dia raisina ho toy ny manan-kery rehefa eken'ny andaniny sy ankilany raha tsy misy porofo mifanohitra.

Ny Sonia elektronika  rehetra izay noforonina na ampiasaina any amin'ny firenena hafa dia ankatoavina ho toy ny mitovy vokatra ara-dalàna amin'ny Sonia elektronika izay noforonina na ampiasaina eto Madagasikara, raha toa izy ka manolotra fomba fanao izay misy ambaratonga azo antoka mafonja mitovy lenta amin'ny fitakian'ny lalàna manan-kery nasionaly, arak'izay voalazan'ny andininy faha-9 ao amin'ny lalàna 2014-025 tamin'ny 10 desambra 2014.

**Andininy 10: Lanjany araka ny lalàna ho an'ny Sonia elektronika**

Ny fahazoana antoka ny fanaovana ny Sonia elektronika dia heverina mandra-pisy ny mifanohitra amin'izany raha toa io fomba fanao io ka:

- Mametraka Sonia elektronika voaaro, izay atao amin'ny alalan'ny fitaovana miavaka ho an'ny famaronana Sonia elektronika ;
- Mipetraka amin'ny taratasy fanamarinana elektronika miavaka izay avoakan'ny mpisahan-draharaha ho an'ny serivisim-pitokisana nahazo fankatoavana.

Raha misy fanesorana mifototra amin'ny fampanan-kery ara-teknika ny Sonia elektronika, izay rehetra manana tombon-tsoa dia afaka manatona ny fitsarana mahefa. Ity farany dia afaka mandidy fanombanana ara-teknika ifanatrehana, amin'ny lafiny hafa miaraka amin'ny fandraisan'anjaran'ny ANCN na manam-pahaizana nahazo fankatoavana, ahafahana manamarina ny fanarahana ny fenitra ho an'ny fomba fanao ho an'ny Sonia amin'ireo fitakian'ny lalàna sy ny didy amam-pitsipika.

Ny vokatry ny fanombanana dia mandrafitra singa ho porofo izay apetraka eo ambany fandinihana amam-pahendren'ny mpitsara.

**Andininy 11: Fampiasana ny angon-drakitra biometrika**

Ny angon-drakitra biometrika dia azo ampiasaina ho toy ny fitaovana hanamarinana ny mpanao Sonia ao anatin'ny zotram-panatanterahana ny Sonia elektronika, izay tsy mahasolo ny Sonia amin'ny maha izy azy.

Ny fampiasana ireo angon-drakitra ireo dia tokony manaja ny fitsipika fototry ny fifandanjana, ny fiafarana sy ny fanamaivanana, araka ny voalazan' ny fepetra amin'ny lalàna 2014-038 tamin'ny 09 janoary 2015 mikasika ny fiarovana ny angon-drakitra ho an'ny isam-batan'olona, indrindra:

Ny fanekena mazava ataon'ny mpanao Sonia izay tsy maintsy ampahafantarina amin'ny fomba mazava sy azo idirana, ho an'ny fiafaran'ny fikarakirana, ho an'ireo karazan'angon-drakitra voaangona, ho an'ny fotoana hitehirizana azy sy ny zo izay ananany ;

Fiarovana sy tsiambaratelo, angon-drakitra biometrika voaangona sy voakirakira ao anatin'ireo fepetra iantohana ny fahitsiany, ny tsiambaratelony sy ny fiarovana amin'ireo fidirana tsy nahazoana alalana.

Fifehezana ara-dalàna, ny rafitra biometrika rehetra dia tsy maintsy anaovana fanambarana na angatahana fahazoan-dalana mialoha eo anivon'ny fahefana mahefa amin'ny fiarovana ny angon-drakitra manokana.

**Andininy 12: Ny vontoatin'ny Sonia elektronika**

Ny taratasy fanamarinana izay avoakan'ny mpisahan-draharaha ho amin'ny fanamarinana ny Sonia elektronika dia tsy maintsy mamaly ireo sivana sy mirakitra ny tahirin-kevitra feno mifandray amin'ny mpanao Sonia.

Ny taratasy fanamarinana elektronika ho amin'ny Sonia elektronika na fitomboka elektronika avoakan'ny mpisahan-draharaha ny serivisim-pitokisana, izay tsy maintsy misy ireo filazana tsy maintsy atao indrindra ho an'ny angon-drakitra sy tahirin-kevitra manaraka ireto:

Famantarana ny taratasy fanamarinana

- Ny kaody manokana ho famantarana ny taratasy fanamarinana ;
- Ny filazana mazava izay milaza fa taratasy fanamarinana elektronika, amin'ny endrika mifanaraka amin'ny fikirakirana mandeha ho azy.

Famantarana ny mpisahan-draharaha

- Ny fiantsoana ny mpisahan-draharaha ho an'ny serivisim-pitokisana voakasika ;
- Ny adiresin'ny foibeny ;

- Solon'anarana iraisan'ny orinasal na laharam-pisoratana anarana ao amin'ny rejisitry ny varotra sy ny orinasa.

Famantarana ny mpanao Sonia

- Ny anaran'ny mpanao Sonia, na ankoatr'izay, ny fiantsoana, izay mazava tsara arak'izany ;
- Ny andraikitra na asa ataon'ny mpanao Sonia raha toa izany ka mifanandrify amin'ny fampiasana ny taratasy fanamarinana.

Angon-drakitra ara-teknika ho amin'ny fanamarinana

- Ny angon-drakitra ho fanamarinana ny Sonia elektronika mifandraika amin'ny angon-drakitra famoronana ;
- Ny fanondroana ny fiandohana sy fiafaran'ny vanim-potoana mampanan-kery ny taratasy fanamarinana elektronika ;
- Ny fametrahana ireo serivisy ahafahana manamarina ny satan'ny taratasy fanamarinana (CRL, OCSP na hafa …) ;

Fitaovana famoronana Sonia

- Ny filazana izay manondro, amin'ny endrika izay mifanaraka amin'ny fikirakirana mandeha ho azy, raha toa ka ny angon-drakitra ho famoronana ny Sonia dia voarakitra anaty fitaovana ;
- Ny toerana izay mety ahazoana taratasy fanamarinana elektronika avy amin'ny mpisahan-draharaha ny serivisim-pitokisana voakasika ;

Fanamarinana ny taratasy fanamarinana

Ny Sonia elektronika sy/na fitomboka elektronika avy amin'ny mpisahan-draharaha ny serivisim-pitokisana izay namoaka ny taratasim- panamarinana.

Momba ny taratasy fanamarinana izay avoakan'ny Fanjakana, ny kaodim-pamantarana ny taratasy fanamarinana elektronika izay avoakan'ny UGD amin'ny maha fahefana mpanome fankatoavana azy.

Ho an'ny taratasy fanamarinana elektronika izay avoakan'ny mpisahan-draharaha tsy miankina izay nahazo fankatoavana, ny taratasy fanamarinana dia mirakitra ny kaodim-pamantarana ho an'ny fangatahana izay atolotry ny UGD sy izay atolotry ny mpisahan-draharaha.

**Andininy 13: Fahitsian'ny taratasy fanamarinana elektronika**

Ny mpisahan-draharaha ho an'ny serivisim-pitokisana nahazo fankatoavana dia mampahafantatra amin'ny fotoana rehetra ny UGD amin'izay fanohintohinana ny fiarovana na fahaverezan'ny fahitsiana izay mety hahatratra ny taratasy fanamarinana elektronika izay avoakany, ny serivisim-pitokisana natolotra na ny angon-drakitra manokana izay tehiriziny.

Raha toa ny sampona ka miteraka fahavoazana ho an'ny olon-tsotra na rafitra mizaka zo aman'andraikitra misitraka serivisim-pitokisana, ny mpisahan-draharaha dia mampahafantatra avy hatrany ilay olona amin'ny fanondroana ny toetran'ny fanohintohinana, ny risika izay mety hiseho sy ny fepetra fanitsiana izay natao.

Ny fampahafantarana ny loza mihatra sy fahaverezan'ny fahitsiana dia atao arak any fombafomba izay voafaritry ny torolalana iraisana nasionaly amin'ny fitantanana ny loza eo amin'ny fiarova an'habaka.

**Andininy 14: Fe-potoana mampanan-kery ny taratasy fanamarinana elektronika**

Ny taratasy fanamarinana elektronika dia avoaka ho an'ny fe-potoana herin-taona na roa taona arakaraky ny taratasy fanamarinana sy ny ambaratongan'ny fiarovana ilaina.

Amin'ny fahateran'ny fe-potoana mampanan-kery azy, ny taratasy fanamarinana dia azo havaozina araka ny fangatahan'ny tompony, miankina amin'ny fanajana :

Ny fanamarinana ny fanondroana hifanaraka amin'ny toetr'andro ;

Ny fanajana ny fepetra ara-teknika sy ara-dalàna izay voafaritry ny Fahefana Nasionaly ho an'ny Fahatokisana Nomerika "ANCN" na ny mpisahan'asa ho an'ny serivisim-panamarinana.

Ny mpisahan'asa ho an'ny serivisim-pitokisana dia afaka miroso amin'ny fampiatoana na ny fanesorana mialoha ny taratasy fanamarinana amin' ireto tranga manaraka ireto:

1. Fampiasana hosoka na fanohintohinana ny angon-drakitra ho amin'ny famoronana ny Sonia ;
2. Fahaverezana na halatra amin'ny fitaovana famoronana ny Sonia elektronika ;
3. Fiovana sata ara-dalàna ho an'ny tompony izay misy fiantraikany amin'ny fananan-kerin'ny taratasy fanamarinana ;
4. Fahafatesana, tsy fahafahana na fijanonan'ny asan'ny tompony ;
5. Fangatahana izay ataon'ny tompony na baiko fanerena avy amin'ny fahefana mahefa.

Ny fomba famoahana, ny fanavaozana, ny fampiatoana sy fanesorana ny taratasy fanamarinana elektronika dia voafaritry ny didim-pitondrana izay raisin'ny Ministra misahana ny Nomerika na fahefana ara-dalàna voatondro.

## LOHATENY FAHAROA: RAFITRA ARA-PANJAKANA

## TOKO VOALOHANY: NY AMIN'NY FAHEFANA NASIONALY HO AN'NY FITOKISANA NOMERIKA NA ANCN

### Andininy 15: Fanendrena ny ANCN

Ny Sampam-pitantanana momba ny Haitao ara-kajy mirindra "UGD" dia tendrena ho Fahefana Nasionaly ho an'ny Fitokisana Nomerika.

Arak'izany, izy dia misahana ireto asa manaraka ireto:

- Fandrindrana ireo serivisim-pitokisana mifandray amin'ny Sonia elektronika ;
- Fankatoavana ny mpisahan-draharaha momba ny serivism-pitokisana, na avy amin'ny Fanjakanan a tsy miankina ;
- Fanaraha-maso ara-teknika, ara-dalàna sy an-tsehatr'asa ho an'ireo mpiantsehatra nahazo fankatoavana ;
- Fitantanana ny faka nasionaly ho an'ny fitokisana, izay misy ny famoahana ireo taratasy fanamarinana antenantenany sy fankatoavana ny rojom-panomezam-panamarinana.

Ny ANCN dia manatanteraka ny iraka natolotra azy ao anaty fizakan-tena arak'asa tanteraka, arak'ireo fitsipika fototra momba ny tsy fiandaniana, nyfahaleovan-tena ary ny fiarovana araka ny lalàna.

Ny taratasy fanamarinana antenantenany sy farany nankatoavina ao anatin'ny rojo nasionaly ho an'ny fitokisana dia tsy maintsy mifandray, mivantana na ankolaka, amin'ny taratasy fanamarinana fototra izay ao amin'ny ANCN sy tantaniny.

**Andininy 16: Iraky ny ANCN**

Ny Fahefana Nasionaly ho an'ny Fitokisana Nomerika na ANCN izay solon'ny Sampam-pitantanana momba ny Haitao ara-kajy mirindra "UGD" tena, dia manatanteraka ireto iraka manaraka ireto ao anatin'ny fandrindrana ny serivisim-pitokisana mifandray amin'ny Sonia elektronika:

- Mamolavola, mamoaka sy manavao ny torolalana iraisana ara-teknika, araka ny lalàna sy ny fiarovana ampiharina amin'ny fitaovana ilaina amin'ny Sonia elektronika, amin'ny taratasy fanamarinana sy amin'ny serivisim-pitokisana ;
- Mamoaka ny fankatoavana ho an'ireo mpisahan-draharaha ho an'ny serivisim-pitokisana "PSCo", araka ny fombafomba izay voarakitra ao amin'ity didim-panjakana ity syn y torolalana iraisana manan-kery ;
- Miantoka ny fanaraha-maso mitohy ireo mpisahan-draharaha nahazo fankatoavana, indrindra amin'ny alalan'ny fitsirihana ara-potoana sy tsy ampoizina, mba hiantohana ny fanarahana ny fenitra nasionaly sy iraisam-pirenena ;
- Mitantana ny PKI faka nasionaly, manasonia ho an'ireo fahefana mpanao fanamarinana miankina sy miantoka ny fanarahana ny rojon'ny fanomezam-panamarinana ;
- Miantoka ny fankatoavana nasionaly sy iraisam-pirenena ho an'ireo taratasy fanamarinana sy Sonia elektronika, indrindra amin'ny alalan'ny fandraisana anjara amin'ny fifanarahana eo amin'ny firenena roa tonta na iraisam-pirenena ;
- Manolotra fampifanarahana momba ny lalàna izay ilaina mba hiantohana ny asa fanitsiana ny lasitra nasionaly amin'ny fenitra iraisam-pirenena eo amin'ny tontolon'ny Sonia elektronika sy fitokisana nomerika.

**Andininy 17: Andraikitry ny ANCN**

Ao anatin'ny asany amin'ny fandrindrana, ny fanaraha-maso sy fankatoavana ny serivisim-pitokisana, ny Fahefana Nasionaly ho an'ny Fitokisana Nomerika na ANCN izay solon'ny Sampam-pitantanana momba ny Haitao ara-kajy mirindra "UGD" tena dia manatanteraka ireo asa manaraka ireto:

- Mamoaka, mampiantona na manala ny fankatoavana ho an'ireo mpisahan-draharaha ho an'ny serivism-pitokisana "PSCo" aorian'ny tombana miaraka amin'ny antonta-taratasy, ara-teknika sy an-tsehatr'asa ;
- Manatanteraka fitsirihana ara-potoana sy tsy ampoizina mba hiantohana ny fanarahana ny torolalana iraisana manan-kery ;
- Mamoaka fenitra ara-teknika tsy maintsy arahina ampiharina amin'ny fitaovam-panamarinana sy ho an'ny sonia elektronika ;
- Manamarina ny torolalana iraisana ho an'ny fiarovana, ny politikan'ny fanamarinana (CP/CPS) sy ny fomba fitantanana ireo taratasy fanamarinana ;
- Mametraka fepetra fanitsiana ho an'ny tranga tsy fanaraha-penitra ;
- Manonona sazy ara-panjakana sahaza amin'ny tsy fanarahan-dalàna hita ;
- Mamoaka sy mitazona ny fanarahana ny toetr'andro ny lisitra nasionalin'ny fitokisana (Trust List), izay mirakitra ny mpisahan-draharaha nahazo fankatoavana sy ny taratasy fanamarinana nankatoavina ;
- Miantoka ny fahafahana manaraka ireo fanapaha-kevitra fankatoavana, fampiantonana sy fanesorana ;

- Misolo tena ny Fanjakana amin'ny fifanarahana eo amin'ny firenena roa tonta na iraisam-pirenena mikasika ny fankatoavana ireo taratasy fanamarinana sy Sonia elektronika ;
- Mandray anjara amin'ny fivoriana rejionaly sy iraisam-pirenena amin'ny fametrahana lalàna sy fiaraha-miasa ara-teknika.

## TOKO 2: IREO MPISAHAN-DRAHARAHA HO AN'NY SERIVISIM-PITOKISANA

### Sokajy voalohany: Ny amin'ny fankatoavana

**Andininy 18: Fankatoavana ny mpisaha-draharaha ho an'ny fanamarinana ny Sonia elektronika**

Ny mpisahan-draharaha tsy miankina rehetra maniry hamoaka taratasy fanamarinana elektronika dia tsy maintsy maka fankatoavana ara-dalàna izay avoakan'ny Fahefana Nasionaly ho an'ny Fitokisana Nomerika na ANCN.

Ny fankatoavana dia manan-kery mandritra ny roa taona, azo havaozina aorian'ny fitsirihana, ary manamarina ny fanaraha-penitry ny mpisahan-draharaha amin'ny fenitra ara-teknolojika, ara-dalàna sy ara-piarovana avy amin'ny ANCN.

Ny fanesorana fanavaozana dia tsy maintsy misy antony mazava ;

Rehefa misy mpisahan-draharaha nahazo fankatoavana miasa amin'ny maha Fahefana mpanao fanamarinana miankina "AC Antenantenany", izy io dia tsy maintsy mahazo taratasy fanamarinana antenantenany mialoha izay avoaka sy soniavin'ny ANCN, izay mampiditra azy amin'ny fomba ara-dalàna ao amin'ny rojo nasionaly ho an'ny fitokisana.

Ny taratasy fanamarinana farany izay avoakan'ny mpisahan-draharaha ho amin'ny serivisim-pitokisana dia tsy manan-kery ao amin'ny rojo nasionaly raha tsy mifandray amin'ny taratasy fanamarinana antenantenany soniavin'ny ANCN.

Ny ANCN dia afaka mampiantona na mandà taratasy fanamarinana antenantenany raha toa misy tsy fahatomombanana, tsy fanarahana ny fenitra ara-teknika na fandrahonana mahery vaika ho an'ny fiarovana, izay tsy miankina amin'ny fombafomba fampiantonana na fisintonana ny fankatoavana ny mpisahan-draharaha.

Ny famoahana, ny fananan-kery, ny fanavaozana sy fanesorana ny taratasy fanamarinana antenantenany dia fehezin'ny torolalana iraisana ara-teknika izay avoakan'ny ANCN, mifanaraka amin'ny fenitra iraisam-pirenena mihatra.

Ny Sampam-pitantanana misahana ny Haitao ara-kajy mirindra "UGD" amin'ny maha mpisahan-draharaha ara-panjakana miavaka (PSCo Public) dia iharan'ny fombafomba fankatoavana izay voafaritra ao amin'ny andininy 29 ao amin' ity didim-panjakana ity.

**Andininy 19: Anjara asan'ny UGD amin'ny maha mpisahan-draharaha ara-panjakana miavaka (PSCo Public)**

Ho fanampin'ny asa maha mpandrindra amin'ny maha Fahefana Nasionaly ho an'ny Fitokisana Nomerika na ANCN, ny Sampam-pitantanana momba ny Haitao ara-kajy mirindra dia miasa ihany koa amin'ny maha mpisahan-draharaha ara-panjakana miavaka ho an'ny serivisim-pitokisana (PSCo public), ho an'ny filan'ny Fanjakana sy ireo antokon-draharaham-panjakana.

Ao anatin'izany, ny UGD dia mahazo :

- Mamoaka taratasy fanamarinana elektronika sy serivisy ho an'ny Sonia elektronika na fitomboka elektronika ho an'ny Fanjakana, ny andrim-panjakana sy ny mpiasam-panjakana ;

- Miantoka ny fanamarinana ny antonta-taratasy ofisialy ao anatin'ny fombafomba ara-panjakana izay tsy mampiasa taratasy ;
- Miantoka ny fanaraha-penitr'ireo fitaovana hanaovana Sonia izay ampiasain'ny antokon-draharaham-panjakana amin'ny torolalana iraisana ara-teknika sy arak any lalàna izay avoakan'ny ANCN.

Ny asan'ny UGD amin'ny maha PSCo Public dia misaraka mazava tsara, eo amin'ny tontolon'ny arak'asa, ara-pandaminana sy ara-teknika, ny amin'ny asa fanaraha-maso izay ataony sy fankatoavana amin'ny maha ANCN.

Ny sara sy ny sara amin'ny vokatra mifandraika amin'ny fisahanana serivisim-pitokisana ho an'ny Fanjakana sy ny antokon-draharaham-panjakana dia raisin'ity farany an-tanana, izay arotsaka ao amin'ny kaontin'ny ANCN.

Izany dia voafaritry ny Fanapahana raisin'ny ANCN sy avoaka ao amin'ny tranonkalan'ny ANCN. Ny fanovana izay miseho dia ampahafantarina iray volana mialohan'ny mampanan-kery azy.

**Andininy 20: Tsy fiandaniana sy fitsirihana**

Mba hiantohana ny fahitsian'ny rojo nasionaly ho an'ny fitokisana sy ialana amin'ny fifangaroan'ny tombontsoa, ny fitsipika fototra manaraka ireto dia mihatra amin'ny Sampam-pitantanana momba ny Haitao ara-kajy mirindra (UGD) ao anatin'ny fanatanterahana ny asany:

- Ny UGD amin'ny maha Fahefana Nasionaly ho an'ny Fitokisana Nomerika na ANCN dia tsy afaka mampiantrano, mitantana na miditra amin'ny fotodrafitrasa teknika an'ireo mpisahan-draharaha ho an'ny serivisim-pitokisana tsy miankina (PSCo privé). Ny fampifandraisana na fiankinan-doha ara-teknika dia tsy azo atao velively.
- Ny serivisim-pitokisana izay atolotry ny UGD amin'ny maha mpisahan-draharaha ara-panjakana miavaka (PSCo Public) azy dia iharan'ny fitsirihana ivelany isam-banim-potoana izay ankatoavin'ny komity nasionaly momba ny Fahazoana mampiasa miaraka na CNIOp.

  Io fanaraha-maso io dia mifantoka amin'ny fanarahana ireo torolalana iraisana ara-teknika, araka ny lalàna sy fandaminana avoakan'ny ANCN.
- Ny UGD dia tsy maintsy mametraka fisarahana arak'asa, ara-pandaminana sy ara-teknika miaraka amin'ny antonta-taratasy eo amin'ny asa maha mpandrindra azy (Root CA) sy asa amin'ny fisahanan'asa (PSCo public).

Ny lisitra nasionaly ho an'ny fitokisana izay avoakan'ny ANCN dia milaza mazava tsara ny UGD amin'ny maha PSCo Public nahazo fankatoavana azy, miaraka amin'ny fanondroana ireo taratasy fanamarinana, ny satan'izy ireo sy ny fifandraisany amin'ny rojo nasionaly ho an'ny fanamarinana.

**Sokajy 2: Ireo fepetra sy adidy**

**Andininy 21: Fepetra fanatanterahan'ny mpisahan'asa amin'ny fanamarinana Sonia elektronika**

Ny mpisahan'asa ho an'ny serivisy fanamarinana ny Sonia elektronika izay miasa eto amin'ny lafi-tany nasionaly dia tsy maintsy mampiantrano ny fitambaran'ireo ango-drakitra, ny fitaovana ara-teknika sy fanarahana ny asa eo amin'ny fotodrafitrasa izay hita eto Madagasikara. Ireo singa ireo dia tokony azo jerena, araka ny fangatahana, any amin'ny sampan-draharaha mpankatoa na fahefana ara-dalàna mahefa.

Ny fankatoavana izay navoaka dia manome alalana ny tompony hiasa, eo amin'ny lafi-tany nasionaly, ho an' ireo asa mikasika ny fanamarinana ny Sonia elektronika, araka ny fenitra sy fitsipika izay avoakan'ny Fahefana Nasionaly ho an'ny Fitokisana Nomerika na ANCN.

Ny mpisahan'asa ho an'ny serivisim-pitokisana "PSCo" dia miantoka ny fanajana ny fitambaran'ny torolalana iraisana ara-teknika, ho an'ny fiarovana, ny fahazoana mampiasa miaraka sy ny fitehirizana izay avoakan'ny ANCN. Ireo torolalana iraisana dia mandrakotra indrindra :

- Fametrahan'ora voamamarina ho an'ny fifanakalozana elektronika ;
- Fanesorana eo noho eo ireo taratasy fanamarinana avy amin'ny fenitra OCSP sy CRL ;
- Fitehirizana voaaro ireo porofo sy fandraketana ny fiarovana ;
- Fahazoana mampiasa miaraka ireo taratasy fanamarinana, eo amin'ny sehatra nasionaly sy iraisam-pirenena, araka ny fenitra nankatoavina syn y lisitra nasionalin'ny fitokisana.

Ny fombafomba ara-teknika amin'ny fampiharana dia voafaritra ao anatin'ny torolalana iraisana izay avoakan'ny ANCN sy eken'ny didim-pitondrana izay raisin'ny Minisitra misahana ny nomerika. Ireo adidy arak'asa mipetraka amin'ny PSCo nahazo fankatoavana dia voafaritry ny andininy 22 amin' ity didim-panjakana ity.

**Andininy 22: Adidin'ny mpisahan-draharaha ho an'ny serivisim-pitokisana nahazo fankatoavana**

Ny mpisahan-draharaha ho an'ny serivisim-pitokisana nahazo fankatoavana dia :

- Miantoka ny fiarovana, ny fahitsiana, ny tsiambaratelo sy ny fahamarinan'ny angon-drakitra kirakiraina ;
- Mitantana ny fotoana iainan'ny taratasy fanamarinana araka ny torolalana iraisana ara-teknika izay avoakan'ny Fahefana Nasionaly ho an'ny Fitokisana Nomerika na ANCN ;
- Manamarina ny fanondroana ireo tompon'ny taratasy fanamarinana ary ihany koa, ankoatr'izay, ny momba azy ireo izay nambara ;
- Mitahiry ny angon-drakitra sy singa manaporofo mifandray amin'ny fanamarinana mandritra ny fe-potoana fohy indrindra voafaritry ny lalàna manan-kery ;
- Miantoka ny fahazoana mampiasa miaraka ireo serivisy syn y fanarahan'izy ireo ny fenitra iraisam-pirenena ampiharina ;
- Mampahafantatra ny ANCN ny tranga izay miseho amin'ny fiarovana  ary mandeha amin'ny fitsirihana sy fanaraha-maso izay ambara amin'izany.

Ny fombafomba ara-teknika ho fampiharana ireo adidy dia voafaritra ao aminn'y torolalana iraisana novolavolain'ny ANCN ary neken'ny didim-pitondrana navoakan'ny Minisitra misahana ny nomerika.

**Andininy 23: Fitehirizana ireo antonta-taratasy elektronika**

Ny Fitehirizana ireo antonta-taratasy elektronika dia mitovy lanja ara-dalàna amin'ny antonta-taratasy nosoratana. Izy dia tokony miantoka ny fahitsiana, ny fahazoana malalaka sy fahafahana manaraka ny vontoatiny izay voamarina.

Ny mpamoaka sy ny andefasana ny antonta-taratasy elektronika voamarina dia tompon'andraikitra, amin'izay mahakasika azy avy, ny amin'ny fitehirizana ny antonta-taratasy eo am-pelatanany.

Ny mpamoaka dia tokony mitahiry ny antonta-taratasy elektronika amin'ny endriny namoahana azy raha toa ka ny andefasana dia tokony mitahiry izany amin'ny endriny izay nandraisany azy.

Ny antonta-taratasy elektronika dia tokony tehirizina amin'ny fitaovana ahafahana:

Ny fijerena ny vontoatiny mandritra ny fe-potoana mampanan-kery azy ;

Ny fitehirizana amin'ny endriny farany, iantohana indrindra ny fahitsiana ;

Ny fitehirizana ny tahirin-kevitra mikasika ny fiandohany sy ny fiafarany ary ihany koa ny daty sy ny toerana namoahana azy sy nandraisana izany.

**Sokajy 3: Ny fampiantranoana ara-teknika ireo PSCo**

**Andininy 24: Fampiantranoana ireo mpisahan-draharaha ho an'ny serivisim-pitokisana tsy miankina**

Raha toa ka misy mpisahan-draharaha ho an'ny serivisim-pitokisana tsy miankina iray izay nampiantranoana ao amin'ny fotodrafitrasa izay fananan'ny hafa, ao anatin'izany ny antokon-draharaham-panjakana, ny fisarahana mazava ny amin'ny asa, ireo rafitra fandaminana sy ny tontolo teknika dia tokony iantohana.

Ny tontolo ara-teknika atolotra ho an'ny mpisahan-draharaha nampiantranoana dia tokony mamaly ireto fepetra manaraka ireto:

- Mitoka-monina tanteraka, amin'ny lafiny fisika sy ara-pitaovana, amin'ireo tontolo hafa, ao anatin'izany ny an'ireo mpampiantrano hafa na mpisahan-draharaha hafa ;
- Notefena amin'ny fomba voaaro, arak any fenitra iraisam-pirenena ampiharina amin'ny serivisim-pitokisana, indrindra eo amin'ny tontolon'ny fidirana voaaro amin'ny fitantanana ireo fanalahidy kriptografika, ny fampanarahana toetr'andro sy fanamarinana.

Hanaoavana fitsirihana sy fanaraha-maso ara-potoana izay tanterahin'ny antokon-draharaha mahaleo tena nahazo fankatoavana na ataon'ny ANCN izy tenany, araka ny fombafomba voafaritry ny torolalana iraisana ho an'ny fiarovana.

Ny vokatry ny fitsirihana dia tsy maintsy ampitaina any amin'ny ANCN mba ho hamarinina. Ny tsy fanarahan-dalàna izay hita dia mety hitarika fampiatoana na fanesorana ny fahazoan-dalana ampiantrano.

Ny fomba fanatanterahana ny fampiantranoana ara-teknika ireo PSCo tsy mainkina, ary koa ny fitakiana amin'ireo fahafahana manaraka, ny fidirana voaaro sy ny tsy fisian'ny disadisa, dia voafaritra ao anatin'ny didim-pitondrana izay raisin'ny Minisitra misahana ny Nomerika, araka ny tolo-kevitry ny ANCN.

**Andininy 25: Fitokana-monina sy fiarovana ny tontolo**

Ny mpisahan-draharaha ho an'ny serivisim-pitokisana arak'asa tsy miankina dia tokony miantoka fa ny fotodrafitrasa ara-teknika dia:

- Mitoka-monina ara-fisika sy/na ara-pitaovana amin'ireo tontolo voazara ;
- Mampiditra laharan'isa mafy orina amin'ireo angon-drakitra ary ihany koa ireo fanalahidy manokana ho an'ny Sonia ;
- Ahafahana manaraka amin'ny antsipiriany ny fitambaran'ireo asa notanterahina.

**Andininy 26: Fitsirihana sy fanaraha-maso**

Ny mpisahan-draharaha ho an'ny serivisim-pitokisana tsy miankina na PSCo izay mampiantrano ireo tontolo ara-teknika ivelan'ny lafi-tany nasionaly dia iharan'ny fitsirihana isan-taona momba ny fanarahana ny lalàna sy ny fiarovana ny fotodrafitrasa.

Ity fitsirihana ity dia tanterahin'ny Fahefana Nasionaly ho an'ny Fitokisana Nomerika na ANCN na antokon-draharaha hafa nahazo fankatoavana.

Ny tsy fanarahan-dalàna izay hita dia mety hitarika:

Fampiatoana na fanatsoahana ny fankatoavana ;

Ankoatr'izay, ny fampiharana ny sazy ara-panjakana.

## LOHATENY FAHATELO: NY LASITRA ARA-PAIPAIKA

## TOKO VOALOHANY: NY FAHAZOANA NY FANKATOAVANA

### Andininy 27: Fangatahana fankatoavana ataon'ny mpisahan-draharaha ho an'ny Sonia elektronika

Ny mpisahan-draharaha rehetra izay maniry hiasa eo amin'ny fanamarinana Sonia elektronika dia tsy maintsy mandefa fangatahana ofisialy any amin'ny Fahefana Nasionaly ho an'ny Fitokisana Nomerika na ANCN, na izany arahina rosia na izany amin'ny alalan'ny taratasy postaly na elektronika.

Ny fangatahana dia tokony manaraka ny fombafomba izay voafaritry ny ANCN sy misy, amin'ny fomba mazava tsara, ny tahirin-kevitra amin'ny antsipiriany mikasika ny antokon-draharaha mitaky, mikasika ny asany, ny zotram-panatanterahina ny fanamarinana, ary ihany koa ny fanarahany ireo fenitra sy lalàna manan-kery ary tsy mifanohitra amin'ny voalazan'ny andininy 43 ao amin'ny lalàna 2014-038 tamin'ny 09 janoary 2015 mikasika ny fiarovana ny angon-drakitra ho an'ny olona manokana.

### Andininy 28: Famotorana momba ny fangatahana fankatoavana

Ny fangatahana fankatoavana rehetra dia baikon'ny ANCN, izay manao ny tombana amin'ny antonta-taratasy sy eny an-toerana, amin'ny sarany izay iantohann'ny mpangataka. Io tombana io dia mikendry ny fanamarinana ny fanarahan'ny serivisy mpanao fanamarinana voakasika amin'ny fitakian'ny lalàna manan-kery momba ny Sonia elektronika sy ireo fitsipika mifehy ny fiarovana ampiharina, arak'izay voafaritra ao amin'ny torolalana iraisana amin'ireo fitakiana izay napetraka sy navoakan'ny ANCN.

Ny fanomezana ny fankatoavana dia miankina amin'ny fahombiazan'ny ambaratongam-panombanana telo izay atao mialoha:

Fanombanana amin'ny antonta-taratasy: fandinihana lalina ireo taratasy atolotry ny mpangataka, izay mikendry ny fanamarinana ny fanarahana ny fitakian'ny lalàna izay ampiharina fa indrindra eo amin'ny sehatry ny politikan'ny fiarovana sy ny paipaika anatiny ;

Fanombanana ara-teknika: fanamarinana ny fahazoana antoka ireo fotodrafitrasa sy rafitra nampiasaina, ny amin'ny ambaratongan'ny fiarovana arak'asa ary ihany koa ny fanarahana ireo fenitra ara-teknika manan-kery, amin'ny alalan'ny andrana sy fanaraha-maso manokana ;

Fanombanana eny an-toerana: fitsirihana izay atao eny an-toerana misy ny mpisahan-draharaha, ahafahana miantoka ny fanatanterahana ny zotram-panatanterahana ny fanamarinana elektronika, ny fitantanana ny fanalahidy kriptografika ary ny fahaiza-manao arak'asan'ireo mpiasa.

Ny mpangataka dia tsy maintsy mampahafantatra ny ANCN mandritra ny fotoanan'ny famotorana, ireo fanovana miantraika amin'ireo singa izay ifaharan'ny fangatahana fanomezam-pahefana.

### Andininy 29: Fanomezam-pahefana ny UGD amin'ny maha PSCo

Ny Sampam-pitantanana misahana ny Haitao ata-kajy mirindra "UGD" amin'ny maha PSCo dia omena fankatoavana araka paipaika manaraka ireto:

a) Fandrafetana antonta-taratasy feno ho an'ny fangatahana fankatoavana ;

b) Fanatanterahana fitsirihana izay ataon'ny antokon-draharaha mahaleo tena nahazo fahefana ;

c) Fanamafisana ny vokatry ny fitsirihana ataon'ny komity nasionalin'ny fahazoana mampiasa miaraka ;

d) Fanapaha-kevitra fankatoavana izay aseho amin'ny didim-pitondrana raisin'ny Minisitra misahana ny Nomerika ;

e) Fanaovana Sonia ny fifanaraham-panamarinana amin'ny alalan'ny Root CA nasionaly, arahinn'y fanoratana ny UGD ao anaty lisitra nasionalin'ny fitokisana.

**Andininy 30: Vokatry ny famotorana ny fangatahana fankatoavana**

Aorian'ny famotorana, ny antokon-draharaha manome fankatoavana dia mampita any amin'ny mpisahan-draharaha ho an'ny fanamarinana elektronika ny tatitry amin'ny antsipiriany ny tombana natao. Io tatitra io dia mirakitra ny zavatra hita sy tolo-kevitra ahafahan'ny mpisahan-draharaha mampiseho ny fanarahany ny fenitra mihatra.

Rehefa hita fa ampy ireo fitakiana, ny ANCN dia miroso amin'ny famoahana fankatoavana izay manan-kery mandritra ny fe-potoana lava indrindra izay roa taona, azo havaozina.

Ny fankatoavana dia ampiarahana amin'ny taratasy fanamarinana ny maha ara-dalàna ny fitaovana fanamarinana elektronika izay mamaritra indrindra:

- Ny fiantsona sy ny adiresin'ny mpisahan-draharaha ;
- Ny serivisy, anton'ny fankatoavana ;
- Ny daty namoahana sy laharan'ny fankatoavana ;
- Ny fe-potoana mampana-kery, izay tsy afaka mihoatra ny roa taona ;
- Ny fitakiana eo amin'ny lafiny fiarovana, fanarahana ny fenitra sy ny fahazoana antoka.

Ny mpisahan-draharaha ho an'ny serivisim-pitokisana dia tsy maintsy mampahafantatra ny ANCN amin'izay fanovana ny singa na fepetra ifaharan'ny fankatoavana.

Ny sara sy ny sara amin'ny vokatra mikasika ny famoahana fankatoavana dia iantohan'ny mpisahan-draharaha, izay arotsaka ao amin'ny kaontin'ny ANCN.

Izany dia voafaritry ny fanapahana raisin'ny ANCN izay avoaka ao amin'ny tranokalan'ny ANCN. Ny fanovana izay miseho dia ampahafantarina iray volana mialohan'ny mampanan-kery azy.

**Andininy 31: Fanarahana sy fanaraha-maso ny mpisahan-draharaha ho an'ny fanamarinana**

Vantany vao mahazo fankatoavana, ny mpisahan-draharaha ho an'ny fanamarinana elektronika dia atao fitsirihana fanarahana isam-banim-potoana, izay tanterahin'ny ekipa teknika ao amin'ny ANCN. Ireo fitsirihana ireo dia mikendry ny fanamarinana ny fitazomana ny fanaraha-penitra manan-kery.

Ny fanaraha-maso dia azo tanterahina an-taratasy na mivantana eny an-toerana.

**Andininy 32: Fanavaozana ny fankatoavana**

Ny fanavaozana ny fankatoavana ho an'ny mpisahan-draharaha ho an'ny serivisim-pitokisana dia atao araka ny fombafomba mitovy amin'izay efa voafaritra tamin'ny fahazoana azy tany am-piandohana.

Ny fangatahana fanavaozana dia tsy maintsy apetraka eo anivon'ny ANCN farafahatarany telo volana mialohan'ny fahataperan'ny fananan-kerin'ilay fankatoavana.

**Andininy 33: Fampiatoana ny fankatoavana**

Ny fankatoavana an'ny mpisahan-draharaha ho an'ny serivisim-pitokisana dia mety hampiatoana raha toa misy tsy fanaraha-penitra vonjy maika na fiahiahiana tsy fahatomombanana. Ny fe-potoana ampiatoana dia tsy tokony mihoatra ny telo volana, azo havaozina indray mandeha.

**Andininy 34: Fanesorana ny fankatoavana**

Ny fankatoavana ny mpisahan-draharaha ho an'ny serivisim-pitokisana dia azo esorina raha toa misy tsy fahatomombanana miharihary, hosoka mazava, tsy fanatanterahana goavana ireo fitakiana ara-penitra, na fijanonana tanteraka amin'ny asa.

**Andininy 35: Fisintonana ny fankatoavana ny mpisahan-draharaha ho an'ny fanamarinana ny Sonia elektronika**

Ny ANCN dia afaka misintona ny fankatoavana an'ny mpisahan-draharaha ho an'ny serivisim-pitokisana mikasika ny fanamarinana elektronika amin'ireto tranga manaraka ireto:

a) Tsy fanatanterahana goavana sy miverimberina ireo fenitra sy torolalana iraisana ampiharina ;

b) Tsy fahatomombanana miharihary amin'ny fiarovana na ny tsiambaratelon'ny taratasy fanamarinana navoaka ;

c) Fijanonana amin'ny asa na tsy fahafahana ara-teknika maharitra amin'ny fiantohana ny adidy amin'ny fanamarinana ;

d) Didim-pitsarana raikitra mitarika ny tsy fahafahana intsony manohy ny asa.

Alohan'ny fanapaha-kevitry ny fisintonana, ny ANCN dia mandefa fampitandremana ho an'ny mpisahan-draharaha, misarika azy hampanara-dalàna ny zava-misy ao anatin'ny fito Andro. Ny mpisahan-draharaha dia afaka mampiseho ny heviny ao anatin'io fotoana io.

Ny fanapaha-kevitra fisintonana dia ampahafantarina ny mpisahan-draharaha voakasika sy avoaka anaty lisitra nasionalin'ny fitokisana, izay mitarika ny fanesorana ankitsirano na voalamina ny taratasy fanamarinana voakasika.

Ao anatin'ny fe-potoana telopolo Andro izay manomboka amin'ny fampahafantarana, ny mpisahan-draharaha dia tsy maintsy mandefa any amin'ny ANCN:

- Ny rejisitry ny fanamarinana sy fanesorana ;
- Ny fanalahidy sy porofo amin'ny fanamarinana ilaina amin'ny fitohizan'ny serivisy.

**Andininy 36: Adidy amin'ny trangam-pisintonana fankatoavana**

Amin'ny tranga fisintonana fankatoavana, ny mpisahan-draharaha ho an'ny serivisim-pitokisana dia tsy maintsy mandefa any amin'ny ANCN ao anatin'ny fe-potoana telopolo androany manomboka amin'ny fampahafantarana:

- Ny rejisitry ny fanamarinana, ny fanesorana sy fametrahana ora ;
- Ny porofon'ny fiarovana sy taratasy ahafahana manaraka ;
- Ny fanalahidy sy fanefena ara-teknika ilaina amin'ny fitohizan'ny fanamarinana sy fitsirihana.

Ny fampahafantarana ny fanesorana sy ny fampanarahana toetr'andro ny Lisitra Nasionalin'ny Fitokisana izay miainga amin'ny ANCN irery ihany.

Ny tsiambaratelo, ny fahitsiana sy ny fahafahana manaraka ireo angon-drakitra nampitaina dia tsy maintsy iantohana araka ny fenitra sy torolalana iraisana izay avoakan'ny ANCN.

**Andininy 37: Fampitsaharana asa sy fampombaina**

Amin'ny trangam-pitsaharana asa, ny mpisahan-draharaha ho an'ny fanamarinana elektronika dia tsy maintsy manaja ny adidy manaraka ireto:

1. Mametraka eo anivon' ny ANCN drafitra fampitsaharana amin'ny antsipiriany izay misy ireo fepetra famindrana, fitehirizana na famotehana voaaro ireo angon-drakitra sy taratasy fanamarinana ;
2. Miantoka, eo ambany fanaraha-mason'ny ANCN, ny famindrana ireo taratasy fanamarinana manan-kery sy taratasin'ny fitsirihana mankany amin'ny PSCo miavaka na mankany amin'ny ANCN ;
3. Mampahafantatra ny tompon'ny taratasy fanamarinana sy miantoka ho an'izy ireo vanim-potoana hifindrana na fanesorana mifanaraka;
4. Manaiky hatao fitsirihana amin'ny fivoahana izay eken'ny ANCN mialohan'ny fanesorana raikitra.

## TOKO 2 : NY AMIN'NY FANAMARINANA NY SONIA ELEKTRONIKA

### Andininy 38: Fangatahana sy famoahana taratasy fanamarinana elektronika ho an'ny Sonia

1.Ny fangatahana taratasy fanamarinana elektronika sy/na fitomboka elektronika est atolotra ho an'ny mpisahan-draharaha ho an'ny serivisim-pitokisana nahazo fankatoavana "PSCo", tafiditra anatin'izany ny UGD ho an'ny fikambanana mizaka zom-panjakana. Izy io dia azo ampitaina amin'ny alalan'ny elektronika na postaly.

2.Ny fangatahana dia azo apetrahana ihany koa eo anivon'ny mpisahan-draharaha vahiny ka ny amabaratongan'ny fahazoana antoka dia ankatoavina mitovy lenta amin'ny avoakan'ny ANCN, izay mifototra amin'ny:

- Fifanarahana eo amin'ny firenena roa tonta na iraisam-pirenena amin'ny fankatoavana Sonia elektronika ; na
- Fanapaha-kevitra ofisialy avy amin'ny ANCN izay avoakany eo amin'nyt tranokala.

3.Ny mpangataka dia tsy maintsy mameno taratasy efa voaomana amin'izany ary manome ny fitambatan'ny taratasy sy tahirin-kevitra ilaina, mifanaraka amin'ny fombafomba voafaritry ny torolalalna iraisana ara-teknika nankatoavina.

4.Amin'ny fandraisana ny fangatahana, ny mpisahan-draharaha ho an'ny serivisim-pitokisana dia miroso amin'ny ireto asa manaraka ireto:

- Fanamarinana ny fanondroana ny mpangataka izay mifantoka amin'ny antonta-taratasy ofisialy;
- Famoronana fanalahidy kriptografika ;
- Fanamarinana ny taratasy fanamarinana Sonia amin'ny alalan'ny kaody fanondroana ny antonta-taratasy elektronika ;
- Famoahana amin'ny finiavan'ny mpangataka ny taratasy fanamarinana ny Sonia elektronika fitaovana famoronana Sonia elektronika manokana miaraka amin'ny taratasy fanamarinana elektronika.

5.Ny fitaovana famoronana Sonia elektronika, na izany rindram-baiko na karatra misy "puce", na token USB na teknolojia hafa kriptografika nahazo fankatoavana, dia ilaina tokoa ahafahana mamorona sy mametraka Sonia elektronika voaaro.

6.Ny taratasy fanamarinana elektronika dia manamarina ny fanaraha-penitry ny fitaovana famoronana Sonia na fitomboka elektronika amin'ny fenitra manan-kery.

Ny taratasy fanamarinana elektronika izay navoaka dia mamaly ireto fitakiana manaraka ireto:

Manondro amin'ny fomba mazava ny daty fiandohana sy fiafaran'ny fananan-kery ;

Mifanaraka amin'ny fenitra nasionaly sy iraisam-pirenena ankatoavin'ny ANCN ;

Firaketana ao amin'ny lisitra nasionalin'ny fitokisana izay manaraka ny toetr'andro ataon'ny ANCN.

**Andininy 39: Fe-potoana mampana-kery ny taratasy fanamarinana elektronika**

Ny taratasy fanamarinana elektronika izay avoakan'ny mpisahan-draharaha ho an'ny serivisim-pitokisana miavaka (PSCo) dia manana fe-potoana mampanan-kery izay voafaritra toy izao:

Ny taratasy fanamarinana ho an'ny Sonia elektronika mandroso dia manan-kery mandritra ny taona iray;

Ny taratasy fanamarinana ho an'ny Sonia elektronika miavaka dia manan-kery mandritra ny roa taona, azo havaozina ;

Ny taratasy fanamarinana ho an'ny Root CA sy Root Sub CA dia fehezin'ny andinin-dalàna miavaka.

Amin'ny fe-potoana fahataperan'ny fananan-kery, ny taratasy fanamarinana voakasika dia esorina ho azy ary tsy maintsy havaozina mifanaraka amin'ny fombafomba napetraky ny ANCN.

Ny fe-potoana mampanan-kery taratasy fanamarinana faka sy antenantenany ary ihany koa ireo taratasy fanamarinana izay natokana ho an'ny fitehirizana ara-kajy mirindra na fitomboka elektronika, dia voafaritry ny baiko ara-teknika avy amin'ny ANCN mifanaraka amin'ny fenitra iraisam-pirenena mihatra.

**Andininy 40: Fepetra famoahana manokana**

Ny fanamarinana Sonia elektronika apetraka amin'ny antonta-taratasy avoakan'ny Fanjakana, amin'ny anarany na ataon'ireo mpiasa eo anivony ao anatin'ny iraka ho an'ny tombontsoan'ny rehetra, dia miainga avy amin'ny fitondrana manokana voafaritry ny ANCN amin'ny alalan'ny didim-pitondrana iraisan'ireo Ministra misahana ny Nomerika, ny Fitantanam-bola, ny Ati-tany syn y asam-panjakana.

Ny fanekena mialoha avy amin'ny Fahefana mpankatoa dia azo angatahina raha toa ka ny fampiasana karazan'ny Sonia elektronika dia takian'ny rafitra mizaka zo aman'andraikitra ao anatin'ny tsy fampiasana taratasy amin'ny raharaham-panjakana. Amin'izay tranga izay, ny fomba fampiasana ireo Sonia miavaka dia ampahafantarina ireo mpampiasa amin'ny alalan'ny didim-pitondrana.

Ny fanamarinana ireo Sonia elektronika amin'ny atonta-taratasy miaraka amin'ny olona hafa dia azon'ny mpisahan-draharaha ho an'ny Sonia elektronika nahazo fankatoavana atao amin'ny alalan'ny ANCN, ho an'ny izay eto amin'ny lafi-tany nasionaly.

Ny Fahefana mpankatoa dia tsy maintsy manamarina isam-banim-potoana ny fanaraha-penitr'ireo fitaovana fanamarinana, ireo endrika nampiasaina, ireo paipaika notanterahina, ary ihany koa ireo fitaovana fanamarinana izay manaporofo ny Sonia elektronika, izay mifanaraka amin'ny fitsipiky ny tao sy ny fenitra ara-teknika manan-kery, mba hiantohana ny fitohizan'ny serivisy.

**Andininy 41: Adidin'ny mpangataka**

Ny mpangataka dia tsy maintsy mampahafantatra tsy misy fe-potoana ny mpisahan-draharaha ho an'ny serivisim-panamarinana amin'izay fanovana miantraika amin'ireo singa ifotoran'ny fangatahany,ary izany, mandritra ny fotoana andinihana ny antonta-taratasy.

Amin'ny tranga fanovana na fivoarana miavaka ho an'ny fitaovana famoronana Sonia elektronika:

Ho an'ny rafitra mizaka zo aman'andraikitra, misy tatitry ny fandinihana ny risika sy fiantraikany dia tsy maintsy atolotra ny mpisahan-draharaha ;

Ny mpisahan-draharaha dia manamarina ny fanarahana ary manamafy, raha ilaina, ny fitohizan'ny fananan-kerin'ny taratasy fanamarinana.

Ny olon-tsotra dia tsy mila manolotra tatitra ara-teknika raha tsy hoe misy fangatahana mazava avy amin'ny mpisahan-draharaha noho ny antony fiarovana.

**Andininy 42 – Faran'ny fananan-kery ny fanamarinana sy fanavaozna ny fanamarinana elektronika**

Rehefa tonga ny faran'ny fe-potoana maha-manankery na fanesorana, dia tsy manan-kery intsony ny fanamarinana elektronika ary tsy afaka mampiasa ny angon-drakitra mifandray amin'izany intsony ny tompony.

Ny fangatahana fanavaozana dia tsy maintsy apetraka farafahakeliny iray (01) volana mialoha ny daty fahataperan'ny taratasy fanamarinana voakasika.

Raha ilaina, dia tsy maintsy mangatahana fanamarinana vaovao mifanaraka amin'ny fomba arahina avy amin'ny ANCN.

**Andininy 43 – Adidy sy andraikitry ny mpisahan-draharaha ny sonia elektronika raha toa ka tapitra ny fananan-kerin'ny fanamarinana elektronika**

1. Raha toa ka misy ny fahataperana fananan-kerin'ny fanamarinana, ny mpisahan-draharaha dia tsy maintsy :

- Mampahafantatra sy/na mampandre ny tompon'ny fanamarinana farafahakeliny telopolo (30) andro alohan'io daty fahataperana io;
- Manolotra vahaolana fanavaozana na fanolona ny fanamarinana;
- Mamoaka ny fahataperan'ny fananan-kerin'ny fanamarinana ao anatin'ny lisitry ny sata, mifanaraka amin'ny torolalana iraisana ara-teknika avy amin'ny ANCN.

2. Raha toa ka misy ny fanesorana mialoha ny fanamarinana, ny mpisahan-draharaha dia tsy maintsy :

- Mampahafantatra eo no eo ny tompon'ny fanamarinana voakasika;
- Manome ny anton'ny fanapahan-kevitra fanesorana, raha tsy hoe avy amin'ny fanapahan-kevitra ara-pitsarana na ara-panjakana izany, izay mametraka ny fitazomana tsiambaratelo;
- Mamoaka ampahibemaso ny fanesorana ao anatin'ny lisitry ny sata (CRL ou OCSP), mba iantohana ny fanamarinana ataon'ny hafa.

Ny mpisahan-draharaha dia mitahiry ireo porofo momba ny fampahafantarana nalefa sy ny fanavaozana tsy tapaka ny lisitry ny sata, mba ho fitsirihana ara-potoana ataon'ny ANCN.

Tsy tompon'andraikitra izy amin'ny fahavoazana mety hitranga amin'ireo mpampiasa ny fanamarinana izay efa lany fe-potoana na efa noesorina, ary tsy tompon'andraikitra koa amin'ny fahavoazana vokatry ny fampiasana mihoatra ny tokony ho izy ny fanamarinana.

**Andininy 44 – Fampiatoana ny fanamarinana elektronika**

Ny mpisahan-draharaha azo itokisana dia afaka mampiato vonjimaika ny fanamarinana sonia elektronika amin'ireto toe-jevetra manaraka ireto :

a) Tsy feno ny fepetra ahafahana manome an'izany;
b) Fisiana tranga na zava-misy vaovao manohintohina ny fiarovana na ny fanarahan-dalàna amin'ny taratasy fanamarinana;
c) Ny fanalahidy manokana mifandray amin'izany dia heverina ho voaohintohina;
d) Fangatahana fampiatoana vonjimaika izay nataon'ny tompony na nataon'ny fahefana mahefa.

Ny fe-potoana fampiatoana dia tsy mihoatra ny telo (03) Volana, azo avaozina araka fanamarinana teknika misy antony.

Ny mpisahan-draharaha dia :

- Mampahafantatra tsy misy fe-potoana ny tompon'ny fanamarinana sy ny ANCN ;
- Mamoaka ny fampiatoana ao anatin'ny lisitry ny sata (CRL/OCSP);
- Mandrakitra ireo fepetra fanitsiana noraisana.

Ny fampiatoana fanamarinana elektronika dia miala vantany vao tafaverina ireo fepetra fanarahan-dalàna, aorian'ny fanamarinana nataon'ny mpisahan-draharaha zao itokisana ary, raha ilaina, ny fanaraha-mason'ny ANCN.

Rehefa tapitra ny fe-potoana ambony indrindra amin'ny fampiatoana, raha tsy voaverina ny fepetra fanarahan-dalàna, dia esorina avy hatrany ny fanamarinana.

**Article 45 – Fanesorana ny fanamarinana elektronika**

Ny fanamarinana sonia elektronika na ny fitombokase elektronika dia esorina amin'ireto toe-javatra manaraka ireto:

- Fisandohana ny maha izy azy notaterin'ny olon-kafa;
- Fanomezana vaovao tsy marina tamin'ny fangatahana na fanovana mafonja ny angon-drakitra voalaza;
- Tsy fanajana ny didy aman-dalàna sy amam-pitsipika manan-kery nataon'ny tompony;
- Tsy fanarahana ny toromarika fampiatoana nampafantarina ny tompony;
- Fijanonan'ny asa izay nahazoana ilay taratasy fanamarinana.

**Andininy 46 - Ady sy fifandirana mifandray amin'ny fitantanana ny sonia elektronika voamarina**

Ny andraikitra raha toa ka misy ady mahakasika ny fomba arahina ara-teknika amin'ny famoahana taratasy fanamarinana ny sonia elektronika dia miankina tanteraka amin'ny sampan-draharaha mpamoaka, eo anatrehan'ny fitsarana mahefa.

Ny taratasy fanamarinana navoakan'ny Fanjakana hafa dia miteraka vokatra araka ny Lalàna eto Madagasikara ary tsy mifanohitra amin'ny fanajana ireto fepetra manaraka ireto:

- Fampiharan'ireo Fanjakana roa ny torolalana iraisana ara-teknika nohavaozina sy mifanaraka amin'ny fenitra iraisam-pirenena manan-kery;
- Fisian'ny fifanarahan'ny firenena roa na maromaro momba ny fankatoavana iraisana momba ny sonia elektronika.

Raha misy fifanolanana, ny fahefana fitsarana mahefa dia faritana araka ny fitsipika momba ny lalàna iraisam-pirenena ifampitondran'ny isam-batan'olona.

## TOKO 3 : NY ADIDY AMAN'ANDRAIKITRY NY MPISAHAN-DRAHARAHA MPANOME FANAMARINANA SONIA ELEKTRONIKA

### Andininy 47 – Sata mifehy ny adidy aman'andraikitry ny mpisahan-draharaha mpanome fanamarinana

Ireo mpisahan-draharaha mpanome fanamarinana nahazo fahefana dia voafehin'ny fepetra ho an'ny daholobe ampiharina amin'ny fifanekena sy amin'ny andraikitra sivily, miaraka amin'ny fiheverana ho tompon'andraikitra raha misy tsy fanatanterahana.

Rehefa eo ambanin'ny lalàna momba ny fitondram-panjakana ny mpisahan-draharaha iray ary miasa amin'ny maha mpanome tolotra fanamarinana voasokajy azy (PSCo ho an'ny fanjakana), dia fehezin'ny fitsipika momba ny andraikitra ara-pitantanana izay mihatra amin'ny antokon-draharaham-panjakana ny andraikiny.

Ny andraikitra ara-pitsarana heloka bevavan'ny mpanome tolotra kosa dia azo ampiharina raha misy fanitsakitsahana ny fepetra ara-dalàna, indrindra fa amin'ny resaka fanaovana hosoka, fanaovana sandoka, na fanitsakitsahana ny adidy amin'ny fitazonana tsiambaratelo.

### Andininy 48 – Fikirakirana angon-drakitra manokana

Ny fanamarinana sonia elektronika dia mitovy amin'ny fikirakirana ny angon-drakitra manokana araka ny voalazan'ny andininy faha 8 ny Lalàna laharana faha 2014-038 tamin'ny 9 janoary 2015.

Raha misy ny tsy fanatanterahana ireo andraikitra mahakasika ny fiarovana ny angon-drakitra, ny mpisahan-draharaha mpanome fanamarinana dia iharan'ny sazy famaizana voalazan'io lalàna io, omen'ny Fahefana mahefa.

### Andininy 49 – Andraikitra amin'ny fitazomana tsiambaratelo

Ireo antontan-taratasy rehetra sy ireo angon-drakitra elektronika ifanakalozana ao anatin'ny fizotra mifehy ny sonia eleketronika dia heverina ho tsiambaratelo hentitra. Ny famoahana an'izany dia natokana ho an'ny olona nahazo alalàna manokana, izay tafiditra ao anatin'ny lahasa fankatoavana na fanamarinana, ary miasa ao anatin' ny andraikitrany.

Izany adidy fitazomana tsiambaratelo izany dia mihatra hatrany na dia aorian'ny daty fahataperan'ny taratasy fanamarinana na ny fitsaharan'ny asan'ny mpisahan-draharaha mpanome fanamarinana.

### Andininy 50 – Fitehirizana ireo angon-drakitra teknika

1. Tsy misy fiantraikany amin'ny fe-potoana voalazan'ny lalàna manankery,ny mpisahan-draharaha azo itokisana nahazo alalàna dia tsy maintsy mitahiry ireo angon-drakitra mahakasika ny fanomezana serivisy azo itokisana mandritra ny fito (07) taona farafahakeliny manomboka ny daty fahataperan'ny taratasy fanamarinana elektronika voakasika. Ireo angon-drakitra teknika ireo dia ahitana :

- Ireo fanamarinana nomena, naato na notsoahina;
- Ireo fampandrenesana nalefa amin'ny tompony ;

- Ireo fitsirihana anatiny.

2. Ny fanitsiana ny fe-potoana fitehirizana dia fahefan'ny ANCN.

3. Ny karazan' ireo angon-drakitra tehirizina dia voafaritra ao anatin'ny torolalana iraisana sy navoakan'ny ANCN.

**Andininy 51 – Fitazomana tsiambaratelo sy fiarovana ny angon-drakitra sonia elektronika**

1- Ny mpisahan-draharaha azo itokisana nahazo alalàna dia tsy maintsy miantoka :

- Ny fitazomana ny tsiambaratelo, ny fahitsiana sy ny fahafahana mampiasa ireo angon-drakitra sonia elektronika voakirakira na voatahiry; sy
- Ny fampiasana ireo fitaovana teknika mifanaraka amin'ny fomba fanao iraisana iraisampirenena (ISO/ETSI).

Ny fitehirizana ireo angon-drakitra ireo dia natokana ho an'ny filàn' ny serivisy fanamarinana sy ny fe-potoana voafaritry ny didy amam-pitsipika.

2- Raha misy fandikana ny fiarovana na fidirana tsy nahazoana alalàna amin'ireo angon-drakitra sonia elektronika:

- Ny mpanome tolotra dia mampahafantatra eo no eo ny tompony ;
- Ny ANCN dia ampahafantarina ny tranga mety hiseho ao anatin'ny efatra amby roapolo (24) ora, izay mifanaraka amin'ny fomba arahina amin'ny fanaraha-maso sy ny fanaovana tatitra ny tranga.

Izany adidy fitazomana tsiambaratelo izany dia mihatra hatrany na dia aorian'ny daty fahataperan'ny taratasy fanamarinana na ny fitsaharan'ny asan'ny mpisahan-draharaha mpanome fanamarinana nahazo alalàna, mandrapahatonga ny famotehana voaaro na famindrana ireo angon-drakitra eo ambany fanaraha-mason'ny ANCN.

3- Ireo angon-drakitra tsy ilaina ho amin'ny porofo na ho amin'ny fanarahana dia potehina na avadika tsy ho azo ampiasaina ao anatin'ny fiarovana tanteraka.

**Andininy 52 – Fepetra mahakasika ny fahataperan'ny taratasy fanamarinana fototra « Root CA»**

1. **Fepetra ankapobeny**

Ny taratasy fanamarinana fototra dia no fahefana iankinan'ny rojo fanamarinana. Tokony ho vinavinaina sy ho karakaraina mialoha ny fitantanana azy rehefa manakaiky ny faran'ny fe-potoana mahamanankery azy, mba hisorohana ny fahatapahan'ny tolotra.

Ny fanavaozana na ny fanoloana ny taratasy fanamarinana fototra dia tsy maintsy tanterahina ao anatin'ny fepetra miantoka ny fitohizan'ny rojo fitokisana.

2. **Fe-potoana fananan-kery**

Ny fe-potoana maha-manankery ny taratasy fanamarinana fototra dia voafetra eo anelanelan'ny dimy ambin'ny folo (15) sy roapolo (20) taona. Tsy misy taratasy fanamarinana, ambany sata, na

antenantenany na farany, mahazo mihoatra ny fe-potoana maha-manankery an'ilay taratasy fanamarinana fototra ifandraisany aminy

3. **Drafitra hiampitana (Rollover)**

Mba hiantohana ny fitohizana ny rojom-pitokisana:

– Fanalahidy kriptografika roa fototra vaovao no tsy maintsy foronina eo anelanelan'ny roa (2) sy dimy (5) taona alohan'ny fahataperan'ny fe-potoana maha-manankery ny taratasy fanamarinana fototra ampiasaina amin'izao fotoana izao.

– Taratasy fanamarinana fototra fanoloana no avoaka, ampahafantarina ho hitan'ny besinimaro, ary aparitaka ao anatin'ireo rafitra ara-teknika voakasika, anisan'izany ny rafitra, mpitety tranonkala , fitaovana , rindrambaiko mpanelanelana , ary sehatra mifandray tendro.

– Ireo mpisahan-draharaha azo itokisana voasokajy « PSCo » dia tsy maintsy mifindra tsikelikely mankany amin'ny rojo fanamarinana vaovao, araka ny fepetra sy fomba fiasa voafaritra ao amin'ny torolalana iraisana ara-teknika an'ny ANCN.

– Drafitra hiampitana dia ahitana ny fanoloana mirindra ny taratasy fanamarinana antenantenany rehetra mifamatotra amin'ilay taratasy fanamarinana fototra lany fe-potoana, araka ny fepetra voatondro ao amin'ny toro-lalana iraisana ara-teknika an'ny ANCN.

4. **Sonia roa vonjimaika (Cross-certification)**

Mandritra ny fotoana fiampitana, ny taratasy fanamarinana dia afaka soniavin'ny fahefana fototra taloha sy vaovao miaraka, ao anatin'ny fe-potoana tetezamita farany ambony indindra izay faritan'ny toromarika ara-teknika navoakan'ny ANCN. Ity fepetra ity dia natao hiantohana ny fifanarahana eo amin'ireo tontolo efa misy sy ireo tontolo vaovao napetraka.

5. **Fampahafantarana ofisialy**

Ny Fahefana Nasionaly momba ny Fitokisana Nomerika na ANCN dia mamoaka fampahafantarana ofisialy ny fifindrana farafahakeliny valo ambin'ny folo (18) volana alohan'ny fahataperan'ny fe-potoana maha-manankery ny taratasy fanamarinana fototra izay mbola miasa. Izany fampahafantarana izany dia manazava mazava ny fe-potoana, ny fepetra takiana ara-teknika, ary ny adidy mihatra amin'ireo mpisahan-draharaha azo itokisana voasokajy na PSCo sy ireo vondron-draharaha voakasika.

6. **Fitsirihana sy fanaraha-maso**

Ny Fahefana Nasionaly momba ny Fitokisana Nomerika na ANCN dia miantoka ny fanatanterahana araka ny tokony ho izy ny drafitra fifindrana ataon'ireo mpisahan-draharaha azo itokisana voasokajy na PSCo, indrindra amin'ny fiantohana ny :

– Fanavaozana ny taratasy fanamarinana apetraka amin'ireo fitehirizana ara-kajy mirindra ho an'ny daholobe sy ireo fotodrafitrasa manan-danja (fitantanan-draharaham-panjakana, fahasalamana, tolotra ara-bola, na sehatra hafa) ;

- Fampidirana ny fahefana fototra vaovao ao anatin'ireo tahirin-kevitra sy rafitrin'ireo olona hafa azo itokisana.

7. **Fiofanana sy fifandraisana**

L'Autorité Nationale de Confiance Numérique ou ANCN, en coordination avec les prestataires de services de confiance qualifiés ou PSCo et les parties prenantes concernées, organise une campagne d'information ciblée à l'attention :

- Des développeurs de logiciels et intégrateurs de systèmes ;
- Des administrateurs d'infrastructures ;
- Des entités institutionnelles, publiques et privées.

Ny Fahefana Nasionaly momba ny Fitokisana Nomerika na ANCN, miara-miasa amin'ireo mpisahan-draharaha azo itokisana voasokajy na PSCo sy ireo mpisehatra voakasik'izany, dia mikarakara fanentanana fampahafantarana ho an'ny :

- Ireo mpamorona rindrambaiko sy mpampifandray rafitra;
- Ireo mpitantana fotodrafitrasa ;
- Ireo andrim-panjakana sy ireo tsy miankina.

## LOHATENY IV

## FEPETRA SAMIHAFA SY FARANY

**Andininy 53 – Torolalana iraisana ara-teknika sy araka ny Lalàna**

Ny ANCN dia mamoaka sy manavao tsy tapaka ireo torolalana iraisana mamaritra ny fenitra ara-teknika, ny politikan'ny fanamarinana (CP/CPS), ary ny fomba arahina ara-piarovana ampiharina.

**Andininy 54 – Fampanarahan-dalàna**

Ny vondron-draharaha rehetra miasa ao anatin'ny sehatry ny sonia elektronika dia manana herintaona (01) mba hanarahana ireo fepetra voalazan'ity didim-panjakana ity manomnoka ny daty mampanan-kery azy.

**Andininy 55 - Fepetra fanafoanana**

Foana sy foanana ireo fepetra mifanohitra amin'ity didim-panjakana ity.

**Andininy 56 - Fepetra hamehana**

Noho ny hamehana sy araka ireo fepetra voalazan'ny andininy faha 4 sy faha 6 andàlana faha 2 amin'ny hitsivolana laharana faha 62-041 tamin'ny 19 Septambra 1962 mikasika ireo fepetra ankapobe momba ny lalàna ifampitondrana eto an-toerana sy ny lalàna Iraisam-pirenena ifampitondran'ny isam-batan'olona, dia manankery avy hatrany izao didim-panjakana izao raha vantany vao nampahafantarina ny besinimaro amin'ny alalan'ny haino amanjery, ankoatra ny famoahana azy amin'ny Gazetim-panjakan'ny Repoblika.

**Andininy 57 – Fepetra farany**

Ny Minisitry ny Toe-karena sy ny Fitantanam-bola, Ny Minisitry ny Fampiroboroboana ny Haitao ara-kajy mirindra, ny Paositra sy ny Fifandraisan-davitra, Ny Minisitry ny Varotra sy ny Fanjifana ary ny Minisitry ny Serasera sy ny Kolontsaina, no miandraikitra ny fanantanterahanaa ity didim-panjakana ity, amin'izay mahakasika azy avy, izay havoaka ao amin'ny Gazetim-panjakan'ny Repoblikan'i Madagasikara.

Natao tao Antananarivo, ny 08 desambra 2025

**Ny Praiminisitra, Lehiben'ny Governemanta ,**

**RAJAONARIVELO Herintsalama**

**Ny Minisitry ny Toe-karena sy ny Fitantanam-bola**

***RAMIARISON Herinjatovo Aimé***

**Ny Minisitry ny Fampiroboroboana ny Haitao ara-kajy mirindra, ny Paositra sy ny Fifandraisan-davitra**

***ANDRIAMAMPIADANA Mahefa***

**Ny Minisitry ny Varotra sy ny Fanjifana**

***ANDRIAMADISON Haingotiana Michela***

**Ny Minisitry ny Serasera sy ny Kolontsaina**

***MANDRINDRARIVONY Ogascar Fenosoa***

**Toko IV – Fepetra tetezamita sy farany**

**And. 80 – Fomba fampiharana**

Raha ilaina, ny fepetra voalazan'ity didim-panjakana ity dia azo faritana amin'ny alalan'ny lalàna mifehy na amin'ny alalan'ny fanapahan-kevitry ny Masoivoho Mpandrindra.

**And.81 – Fepetra mifanohitra**

Foanana ary dia foana ny fepetra rehetra voalaza' ny didy mifanohitra amin' ity didim-panjakana ity Araka ny Didim-panjakana laharana faha-2014-1650 tamin'ny 21 oktobra 2014 izay novàna sy nofenoin'ny didim-panjakana laharana 2018-176 ny 06 martsa 2018 mamaritra ny fomba arahina sy ny fepetra hampiharin'ny Masoivoho Mpandrindra ho an'ny fitsipika mifehy ny sehatrasa momba ny fifandraisan-davitra fomba arahina sy ny fepetra hampiharin'ny Masoivoho Mpandrindra ho an'ny fitsipika mifehy ny sehatrasa momba ny fifandraisan-davitra.

**Article 82 – Fepetra hamehana**

Noho ny hamehana sy araka ireo fepetra voalazan'ny andininy faha 4 sy faha 6 andàlana faha 2 amin'ny hitsivolana laharana faha 62-041 tamin'ny 19 Septambra 1962 mikasika ireo fepetra ankapobe momba ny lalàna ifampitondrana eto an-toerana sy ny lalàna Iraisam-pirenena ifampitondran'ny isam-batan'olona, dia manankery avy hatrany izao didim-panjakana izao raha vantany vao nampahafantarina ny besinimaro amin'ny alalan'ny haino amanjery, ankoatra ny famoahana azy amin'ny Gazetim-panjakan'ny Repoblika.

**Andininy 83 – Fepetra farany**

Ny Mpitahiry ny Fitombokasem-panjakana, Minisitry ny Fitsarana , Ny Minisitry ny Toe-karena sy ny Fitantanam-bola, ny Minisitry ny Varotra sy ny Fanjifana , ny Minisitry ny Fampiroboroboana ny Haitao ara-kajy mirindra, ny Paositra ary ny Fifandraisan-davitra, ny Minisitry Serasera sy ny Kolon-tsaina no miandraikitra araka ny tandrify azy avy ny fanantanterahana ity didim-panjakana ity , izay havoaka amin'ny Gazetim-panjakan'ny Repoblika .

Natao tao Antananarivo, ny

**Ny Praiministra, Lehiben'ny Governemanta**

***Herintsalama* RAJAONARIVELO**

**Ny Mpitahiry ny Fitombokasem-panjakana,
Minisitry ny Fitsarana**

***Fanirisoa* ERNAIVO**

**Ny Minisitry ny toe-karena sy ny fitantanam-bola**

***Herinjatovo Aimé* RAMIARISON**

**Minisitry ny varotra sy ny fanjifana**

***Michela Haingotiana* ANDRIAMADISON**

**Minisitry ny fampiroboroboana ny Haitao ara-kajy mirindra, ny Paositra ary ny Fifandraisan-davitra**

***Mahefa* ANDRIAMAMPIADANA**

**Ny Minisitry Serasera sy ny Kolontsaina**

***Ogascar Fenosoa* MANDRINDRARIVONY**